


FANADIOVANA NO FANAMBY



**NY FIANTRAIKAN'NY TSY FAHAMPIAN'NY
FANADIOVANA SY NY FAHADIOVANA
ETO MADAGASIKARA**



**Raha tianao ny
hahafantatra misimisy
koko dia vakio ity
antontankevitra ity**



FANADIOVANA

NO FANAMBY

SASIN-TENY

Ny Fitondram-panjakana malagasy dia naneho mandrakariva ny firotsahany amin'ny fanatanterahana asa mba hampihenana ny fahantrana ary hanatsarana ny fiainan'ny mponina, indrindra ireo izay tena sahirana, anisan'izany ny fanitarana ny fahazahoan'izy ireo miditra amin'ireo sampan'asa fototra tena ilaina amin'ny lafiny sosialy

Ankehitriny ny Fitondram-panjakana malagasy dia mametraka ireo fotodrafitr'asa famatsiana rano madio sy ireo izay mahakasika ny fanariana diky ary rano maloto ho isan'ireo sampan'asa fototra tena ilaina amin'ny lafiny sosialy ho an'ny sehatra ny rano sy ny fanadiovana.

Ireo aretina azo avy amin'ny tontolo tsy ara-pahasalamana tokoa mantsy sy ny tsy fahampian'ny fotodrafitr'asa mifanaraka amin'ny fanadiovana izay hita mibaribary no isan'ny antony mahatonga ny aretin'ny zaza sy ny fahafatesan'izy ireo eto Madagasikara. Tsy mamela-mahazo ireo sokajin'ny mponina mpamokatra miantoka ny fandehanan'ny toe-karena na ny tanora na ny olon-dehibe eto Madagasikara ihany koa ireo karazan'aretina ireo.

Miantraika mivantana amin'ny fitontongan'ny toe-karena ihany koa ireo aretina ireo nohon'ny fampihenana isa ireo sokajin'olona mpamokatra, ka zary manitra ny fahantrana izay efa mihalatsapaka amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina malagasy.

Ny fisian'ny valan'aretina Kôlera teo amin'ireo faritra sasany teto amin'ny nosy tamin'ny volana martsa 1999 sy ny firongany haingana nanenika ny firenena na dia teo aza ireo fandraisan'ny fanjakana fepetra mafonja sy henjana mba hanakanana azy, dia porofo nampiharihary ny tsy fahampiana goavana mikasika ireo fotodrafitr'asa mifandraika amin'ny fahasalamana na an-tanandehibe na any ambanivohitra.

Nanomboka ny volana martsa 1999 nisehoan'ny aretina kôlera ka hatramin'ny fiandohan'ny taona 2001, ny fitanana an-tsoratra ny Minisiteran'ny Fahasalamana dia maneho fa ireo olona tratran'io valan'aretina io dia miisa hatrany amin'ny 35000 ary ireo izay maty dia nahatratra 2300 no mihoatra.

Ankoatra izany, ny pesta izay noheverina fa fongotra tanteraka teto amin'ny firenena dia manomboka hita ka zary miseho amin'ny endriny tsy fahita any an-toeran-kafa, indrindra mandritra ny vaninandro mafana.

Hita araka izany fa ny valiny tokony hasetry izao schon-javatra mampivarahontsana izao dia mandalo amin'ny fametrahana asa mifanaraka amin'ny lafiny fanadiovana, sehatra iray izay zary natao ankilabao nandritry ny fotoana maro nefa tsapa izao fa maka toerana tsy azo idivirana eo amin'ny ady atao amin'ny fampihenana ny fahantrana, ary etsy andaniny ny paik'ady izay hanatanterahana izany dia efa manomboka apetraky ny fanjakana malagasy.

Ireo fanambarana avy amin'ny fanjakana voarakitra ao anatin'ny antontakevitra momban'ny paik'ady hampihenana ny fahantrana (DSRP) sy ny boky fanadihadiana ny fandanium-bolampanjakana.

¹“Boky fanadihadiana ny fandanium-bolampanjakana sy ny fanampiana avy any ivelany mikasika ny sampan'asa fototra ara-tsosialy tena ilaina”. Fampirindrana araky ny zava misy ankehitriny ny fanadihadiana ireo hetsika 20/20, lalana izay nandraisan'ireo tany mandroso sy ny mpiara-miombon'antoka amin'izy ireo andaniny mba hitondra any amin'ny 0,7 % ny PNB ny fanampian'ny fanjakana amin'ny fampandrosoana na APD ary ankilany hanokana eo amin'ny 20 % ny fandanium ara-bola sy 20 % ny fanampian'ny fanjakana amin'ny fampandrosoana amin'ny alalan'ny famatsiana ara-bola ireo sampan'asa ara-tsosialy tena ilaina SSE)

Araka izany ny fitondram-panjakana dia manaiky:

Ao anatin'ny DSRP fa, manomboka amin'izao fotoana izao ka hatramin'ny taona 2015 dia hitondra ny taham-pahazoana ireo fotodrafitr'asa hanariana sy hanafoanana ny diky ho 25% ka hatramin'ny 80% eny ambanivohitra ary 62% ka hatramin'ny 100% any an- tanan-dehibe;

Ao anatin'ny antontakevitra "Fanadihadiana ny fandanium-bolam-panjakana sy ny fanampiana avy any ivelany ho an'ireo sampan'asa fototra amin'ny lafiny sosiahy" dia izay nahatsapany fa ny vola atokana ho an'ny sehatra ny fanadiovana dia kely na avy amin'ny fandanium-bolam-panjakana izany (0,3%) na avy amin'ny fanampiana avy any ivelany (0,7%), ka hanondrotra izany hatrany amin'ny 5% eo amin'ny fandanium-bolam-panjakana ary 5% ihany koa avy amin'ny fanampiana avy any ivelany.

Tsara anefa ny mahafantatra fa ny famatsiana amin'ny lafiny ara-bola ny sehatra fanadiovana dia tsy ho ampy velively raha tsy misy drafitra ara-panjakana sy ara-pandaminana mifandraika amin'izany, izay andry iray tsy azo ialana ihany koa ho amin'ny fampandrosoana io sehatra io.

Ankehitriny tokoa mantsy ny sehatra fanadiovana dia voamarika ny fizarazarana sy fiparitahan'ny andraikitra eo anivon'ny sampan-draharaha amin'ny ministera isan-tsokajiny, ka mampihendanja ny fiantraikany tian-ko tratarina.

Arak'izany eo anivon'ny ny rafitra itsinjaram-pahefana, dia tsy ahitana rafim-panjakana tompon'andraikitra ny sampana fanadiovana hany ka ireo mpirotsaka an-tsehatra dia tsy manana mpifampiraharaha aminy voatondro eo amin'ity sehatra ity.

Fotoanany ary izao ary tena tokony tsy maintsy atao ny manova ny toe-javatra sy ny mametraka paik'ady vaovao ao anatin'izao hetsika fanovana manomboka apetraky ny Firenena izao indrindra ao anatin'ny fitsinjaram-paritra sy fitsinjaram-pahefana.

Amin'izany lafiny izany ny fanjakana malagasy dia manaiky ny hametrahana ireo fomba mifandraika amin'ny rafitra sy araka ny lalàna mety kokoa mba hitantanana ny sehatra fanadiovana, indrindra amin'ny lafiny fampivelarana ny fahaizana sy ny fanamafisana ny fandaminana.

Noho izany, avy amin'ny alalan'ny UNICEF sy ny Water Supply and Sanitation Collaborative Council (WSSCC,) tamin'ny lafiny famatsiana ara-bola no nanatanterahana ity antontakevitra ity izay niainga indrindra avy amin'ny alalan'ny Komity Mpitarika (Comité de Pilotage) iray ahitana ny Fanjakana malagasy nosoloin'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Harena an-kibon'ny tany (MEM), ny Minisiteran'ny Fahasalmana (MinSan), ny Ministeran'ny Fampianarana Ambaratonga Faharoa sy Fanabeazana Fototra (MINESEB) tena, ny UNICEF, ny OMS ary ny Wateraid Madagascar.

Mba hahafahany manatanteraka ny teny napetrany dia mila fanampiana amin'ny lafiny ara-bola sy haitao ny Firenena. Koa ity antontakevitra ity dia natao ho fandraisana anjara eo amin'ny sehatra fandresen-dahatra eo anivon'ireo sokajy rehetra voakasik'izany (fanjakana foibe, fanjakana eo antoerana, fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, maso ivohon'ny firenena mikambana, mpiara-miombonantoka amin'ny lafin'ny vola, vondrona, mpampiasa mpahazo tombotsoa) ka hanambarana ny hery sy hanetsehana izay rehetra mety ilaina mba hampivelatra ny sehatra fanadiovana amin'ny fomba mahomby sy maharitra.

RAKOTONDRAINIBE Herivelo



ANTSO AVO

Mahaliana anao ve ny hahafantatra fa tamin'ny taona 2002 dia saika very andro fiasana mihoatra ny 5 hetsy i Madagasikara vokatry ny tsy fisian'ny fanadiovana?

Raha te hahalala misimisy kokoa amin'izany ianao dia vakio ity antota-kevitra ity!

Mahatsiaro ho voakasika ve ianao raha hilazana fa ireo zaza malagasy dia mety ho very andro fianarana hatrany amin'ny 3,5 tapitrisa nohon'ny aretina mifandraika mivantana amin'ny mahatsizarizary ny lafiny fanadiovana sy fahasalamana ary aman'aliny amin'ireo zaza ireo ihany dia mety ho faty alohan'ny hifaranan'ny taona noho ireo aretina ireo ihany?

Vakio ity antota-kevitra ity!

Inona no mety ho eritreritrao raha mandre fa ny fatiantoka mivantana mifandraika amin'ny lafiny toe-karena vokatry ireo aretina ireo dia mety hahatratra hatrany amin'ny 93% ny fandanian'ny Ministeran'ny Fahasalamana ary 300 avo heny ny fandaniam-bolam-panjakana amin'ny sehatra fanadiovana?

Raha te-hahalala misimisy kokoa amin'izany ianao dia vakio ity antota-kevitra ity!

1 – NY VESATRY NY FANADIOVANA TSY ZARIZARY

Isan-taona manerana izao tontolo izao, aman'arivo tapitrisa ny trangan'aretina mifandraika amin'ny mahatsizarizary ny lafiny fidiovana dia mahatratra hatrany aman'arivo tapitrisa ary antony mahatonga fahafatesan' olona amana tapitrisa (tabilao). Mety hihena ihany izany tranga izany raha toa ka misy amin'ny alalan'ny fametrahana fotodrafitr'asam-panadiovana mahomby. Amam-polony tapitrisa ihany koa ny olona mety ho very

andro hahafahana mamokatra, ho very andro fianarana ary fampidiram-bola ao an-tokan-trano noho ireo aretina ireo ihany izay mety ho voasoroky ny fanadiovana. Ny maha-tsizarizary ny fanadiovana dia antony mahatonga ny fifindran'ny aretina kôlera, ny pesta, ny kankan'ny tsinay, ny areti-koditra ary ireo karazan'aretin-dratsy maro hafa ihany koa izay mahakasika olona hatrany amin'ny aman-jatony tapitrisa.

Loza telo mifandraika amin'ny tsy fahampian'ny fahadiovana (antotan'isa avy amin'ny OMS)¹

Karazana Aretina	Marary (tranga/taona)	Fahafatesana (maty/taona)
Fivalanana/ fivalanan-dra	1.000.000.000	2.200.000
Tazo	400.000.000	1.100.000
Aretina azo avy amin'ny kitsetsitra	200.000.000	64.000

Fijoroana vavolombelona avy amina mpitsabo iray miasa eto amin'ny faritra iva eto Antananarivo
« manaiky tsy sazoka misy fanoherana ny olona, ny fisiana eo anivon'ny trano fonenana, ahitana fako mivangongo, lavapinga mantsina sy ireo amin'ny kihon-dalana izay tsy mendrika tsotra izao fotsiny; Mangina ny olona eo anatrehan'ireo rano mihangona eny afovoan'ny tanana nefa tsy fantatra asa inona no karazana otrikaretina sy biby kely mitondra aretina mety ho miaina ao anatin'izany...»

Madagasikara izay firenena ahitana olona amana tapitrisany tsy manana fotodrafitr'asa mikasika ny fanadiovana dia tsy ho afaka eo ambanin'ny vahohon'ireo tranga mahatsiravina ireo. Raisina hfotsiny ohatra, nanomboka ny volana martsa taona 1999 hatramin'ny volana jiona 2001, ny Minisiteran'ny Fahasalmana dia nahaisa tranga 35000 mikasika ny kôlera ary mihoatra ny 23000 ny maty. Mihoatra ny 2,5 tapitrisa kosa ny malagasy voan'ny aretina takilidrano ary 4,5 tapitrisa ihany koa no mbola tandindoniny. Mbola mareforefo ihany ireo ezaka entina manarina izany toe-javatra izany. Ireo tetik'asa momba ny fanadiovana tokoa mantsy dia zara raha misy indraindray ary miparitaka be ihany etsy sy eroa eto amin'ny firenena ka ny fiantraikany mivantana dia ny fiparitahan'ny ezaka, sy ny fandania tsy araka ny tokony ho izy izay mifara ihany koa amina vokatra tsy misy fiantraikany marina araka ny tokony ho izy. Ankoatra izany, raha ampitahaina amin'ireo sehatra ara-tsosialy isan-jokajiny ny haben'ny famatsiam-bola dia kely tokoa ny mikasika ny fanadiovana. Maro karazana ireo fijoroana vavolombelona nanganonin'ny ny GreCS maneho izany fisehon-javatra toy izany, izay zary toy ny nofy ihany amin'izao taona arivo fahatelo izao.

2 – TANJONA

Miisa roa ny tanjon'ity antota-kevitra ity :

1. Hisintona ny eritreritr'ireo mpanampakevitra amin'ny olana mikasika ny tsy fahampian'ny fanadiovana eto Madagasikara sy ny fiantraikan'izany amin'ny lafiny sosialy sy toe-karena;
2. Hanolotra tetik'ady mivaingana ho an'ireo mpandray anjara mirotsaka an-tsehatra eo amin'ny fanadiovana.

Ny famokarana ity antotan-kevitra ity dia nifototra tamin'ireo fikarohana mafonja izay maneho mazava tsara tsy misy hambahambany ny tsindry ateraky ny tsy fahampian'ny fanadiovana amin'ny vahoaka malagasy. Ireo fanadihadiana ny fiantraikany amin'ny lafiny antontanisa dia izay notanterahana tamina toerana efatra teto amin'ny firenena ka dia nofenoina tamina fikarohana mikasika ny « antrôpôlôjia ».

3 – FANADIHADIANA NY ZAVA-MISY

3.1. Fanariana ny diky

Ny taha eto Madagasikara amin'ny fahazoana fotodrafitr'asa azo ekena ho fanariana ny diky dia vinavinaina ho 36% araka ny voalazan' Andriamatoa Rakotoniaina. Efa ho ny andron-tonon'ny mponina no tsy manana izany. Tsy hay lazaina ny zava-misy any amin'ireo faritra niforona ho azy na any andrenivohitra izany na any ambanivohitra. Vavolombelona maromaro avy eto andrenivohitra no mitantara amintsika mikasika ny tsy fisian'ny lavapiringa sy ireo olana aterak'izany




« Tsy manana lavapiringa izahay ary tsy misy olona mampindrana anay na dia iray aza. Voatery manao ny filanay ao ambadiky ny lavapiringam-panjakana taloha izahay. Eo izahay no manao izay tokony ataonay satria tsy misy fomba hafa ankoatra an'io. »

« Menatra ihany izahay amin'izany nefa izany daholo no ataon'ny olona rehetra tsy manana lavapiringa... Amin'ny alina indray dia tavy no ampiasanay ka vao mangiran-dratsy dia arianay izay ao anatiny. Amin'ny atoandro kosa dia atao ao anaty harona plastika izany ary ariana eny amin'ny lalam-by lavidavitry ny tanàna satria eo ny olona rehetra no manary ny azy »

† Ireo toerana nanaovana fanadihadiana ara-antotan'isa dia ny tanànan'ny Mahajanga sy Toamasina, ary ny fitiliana ambanivohitra dia Toliara sy Antalaha. Ny fikarohana mikasika ny "antrôpôlôjia" dia natao teo amina fokontanin'ny tanànan'Antananarivo sy Toliara, ary ireo Kaominina ambanivohitra tao Toliara.

WaterAid/Jeremy Horner



"Rehefa tsy misy taratasy hifirana dia kola-katsaka no idiovana eto amin'ity itoerana kely iray ity"

Tamin'ny fiandohan'ny taona 2000, fotoana izay nampamaivay ny kôlera dia nanetsiketsika sy nanao fanentanana ny fanjakana ary nandidy ny olona hanorina lavapiringa mihitsy izy tamin'izay. Indraindray dia toy ny tsy misy izany baiko izany, fa misy ihany koa ny mankato indraindray. Kanefa raha ny marina dia fanatanterahana be fahatany fotsiny izany: ny tahotra sazy no manosika ny olona hankato fa tsy vokatry ny faharesen-dahatra marina. Vitsy dia vitsy ny tokan-trano nampiasa ny azy na dia nanorina aza. Raha ny lojikan'ny kolon-tsaina eo an-toerana no banjinina dia tsy misy ny toerana ho an'ny lavapiringa.

3.2. Fanariana ny ranon-dolana (rano maloto avy ao an-tokan-trano)

« Rehefa hariva sy maizina ny andro dia iny izahay no mandro ao ambadiky ny tranonay, rehefa vita izany dia fafanay ny rano mba hanamora ny fanamainana azy »

Araka ny voalazan'Andriamatoa Rakotoniana dia 15% ny tokan-trano malagasy ihany no manana fotodrafitr'asa fanariana ny ranon-dolana ary amin'ireo 15% ireo, ny ankamaroany dia mampiasa ny lavapiringany na lavaka noforonony ho amin'izany. Ny fanadihadiana natao tamin'ny tanana kely miisa 28 izay nofintinina ao amin'ny paikady isaky ny sehatra dia maneho fa 13 amin'izy ireo tsy manana foto-drafitrasa mifandraika amin'izany na iray aza, 13 kosa manana irony fotodrafitr'asa fanariana rano miendrika tambazotra tokana (handraisany ny ranon-dolana + ny ranon'orana), ka ny 7 amin'ireo dia misy olana amin'ny fikorinany, ary ny 2 amin'ireo tanana ireo kosa dia mampiasa lavaka fandraisana sy fanaparitahana rano (puisard).

Any Mahavatse, faritra iray ao an-tanànan'i Toliara, ireo toerana famatsian-drano misy paompy dia tsy ahitana tatadrano na dia iray aza; izany no mahatonga ny rano miangona izay tena maloto tokoa manodidina ireny toerana ireny.

Manazava amintsika ny mponina iray :
« Maro ireo kisoa no misaika ao anatin'ny rano miangona manodidina ny fatsakana ary miparitaka eny rehetra eny ny dikin'izy ireo. Zary lasa fanariam-pako ireo toerana malalaka manodidina ny fatsakana. Ny tena loza sy maharikoriko indrindra dia ny mahita ireo dikin'olona eny rehetra eny »



WaterAid/GReCS

Mahavatse, Toliara :
Ny fahasarotana iainana isan'andro

Ireo fianakaviana Vezo miaina amin'ny moron-dranomasina atsimo andrefana dia tsy naka sarotra. Koa satria ny trano fonenan'izy ireo dia eny amoron-dranomasina, dia zary novany ho tobim-pako, lava-piringa sy ho toeram-pidiovana ny tora-pasika. Mitondra rano nalainy teny am-patsakana akaiky azy indrindra ao anaty siny izy ireo rehefa manatanteraka ny fidiovany ary eo anelanelan'ireo lakan-drano no anaovany izany. Ny fisondrotan'ny ranomasina no manadio ny toerana.

3.3. Fanariana/fandritrana ny ranon'orana

Ho an'ireo tanan-dehibe vitsivitsy izay mba manana fotodrafitr'asa fanariana ranon'orana (tambazotra handraisany miaraka ny ranon-dolana sy ny ranon'orana) dia ilaozan'ny fihazakazahan'ny fihitaran'ny tanana alavitra izany satria ireo fanorenana vaovao dia tsy mba mitsinjo ireo singa mifanaraka amin'ny fanadiovana. Miha mafy hatrany ireo olana any amin'ireo faritra lehibe. Maro ary miteny ho azy ireo tranga raha vao mivoaka ny faritra afovoany ny tananan'Antananarivo: Fatsakana tsy misy fitantanana matotra, tatatra sady efa tsy ampy no tsetsina amin'ireo karazam-pako, fofona mantsina, rano mihangona... Izany no sarin'ireo faritra niforona ho azy araka ny hanehoan'ity sary ity azy.

« Migorodana ao anatin'io tatatra io avokoa ny rano maloto rehetra avy eo an-tanana. Nisy paompy fanadiovana azy ihany fahiny. Kanefa dia efa ela izao no tsy azo ampiasana izy io ary tsy misy manamboatra na manolo azy io. »



WaterAid/Joe Gomme

Ny tatatr'Andriantany eto Antananarivo : fandritrana sa fanariam-pako?

3.4 Fanariana ny fako avy any an-tokantrano

Zara raha misy ny antotam-baovao ahitana isa mikasika izany. Ny fanadihadiana natao tao amin'ireo tanana kely miisa 28 dia nampiseho fa tanana 8 fotsiny no mba manana sampan'asa manangona fako avy any an-tokantrano. Ny fomba mahazatra indrindra dia ny tsirairay no mikarataka izay hanariany ny fakony ka ny fanatanterahany izany araka ny tokony ho izy dia miankina aminy ihany.

Ao Anosibe (faritra iray eto Antananarivo) dia angonina ao anaty barika ny fako avy eo dia manakarama olona (80 ariary) manary izany any anaty fanariam-pako... Misy ihany ny mandoro ny fakony, ao ireo izay manipy izany eny rehetra eny, misy ireo izay manary ny fakony eny amin'ny lalam-by ; ireo mpivaroitra dia mamela ny fakony hiangona eo akaikin'ny toerana ivarotany na manipy izany mivantana ao anaty tatatra na ihany koa mamela izany hiangona eno amoron'ny tatatra.

Fantatra tsara ny vokany

« Tsy ny rano maloto ihany no miditra ao anaty tatatra fa ireo karazan-doto mivaingana samihafa: tavohangy, harona plastika ary ireo zavatra hafa tsy mety levona... Tsy misy fandiovana velively eto ».

3.5. Fanariana rano avy amin'ny ozinina/Indostria

Araka ny famintinana nataon'Andriamatoa Rakotoniana ihany dia tsy misy antotan'isa mikasika ny fanariana rano avy amin'ny indostria eto Madagasikara. Azo vinavinaina araka izany fa ny tsy fisian'ny fitsipika amin'ny fandotoana amin'ny lafiny simika eo amin'ireo toerana ahitana ozinina, dia mamela malalaka tokoa ny fanariana ireo loto simika ary dia mandoto ny tontolo iainana izany.

3.6. Ireo hetsika

Misy ihany ireo tetikasa izay efa natomboka iatrehana izany fisehoan-javatra izany. Ary dia hita fa manao izay ho afany tokoa ny fitondram-panjakana sy ireo fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana sy iraisam-pireneana mba hanarenana izany.

Tamin'ireo hetsika ara-politika vao tsy ela akory izay (ny Lalana mifehy ny rano, ny Fijery 20/20, ny Antotakevitra mirakitra ny Tetikady Hampihenana ny Fahantaranana na DSRP) ny fitondram-panjakana dia miezaka mandray ny andraikiny. Tsara marihina ao anatin'izany ny tanjon'ny DSRP hanondrotana haingana ny taha fahazoana fotodrafitr'asa mifandraika amin'ny fanadiovana sy ny politikam-pirenena amin'ny lafiny fahasalamana izay mikendry ny hanenana hatrany amin'ny antsasany ny tahan'ny aretim-pivalanana hatramin'ny taona 2003; saingy mbola betsaka ihany koa ny atao mba ho tanteraka izany politika sy tanjona voalaza izany.



WaterAid/Jeremy Horner

Ireto olona avy any atsimo ireto dia nanamboatra lavapinga vokatry ny fanentanana mora takarina

Misy ihany ireo tetik'asa fa toy ny rano indray mitete ao anaty ranomasimbe izany, mbola lavitra ny fahafahana manome fahafaham-po ny filàna ankehitriny isika.

4 - NY FIANTRAIKANY: FAMINTINANA IREO VOKATR'IREO FANADIHADIANA

Ny fiantraikan'izao toe-javatra izao eo amin'ny mponina sy eto amin'ny firenena dia tena mampalahelo tokoa. Aretina, tsy fahafahana miasa sy mianatra, fandanium-bola, fandanian'andro... fahafatesana...

4.1. Ny fiantraikany amin'ny lafiny fahasalamana

Ho an'ny mponina, ny fiantraikany mivantana dia ny lafiny fahasalamana. Lava tokoa ny lisitry ny aretina fahita andavanandro (izay tsy latsa-danja mihitsy ny loza entiny ka azo heverina ho ara-dalàna) izay vokatry ny tsy fahampian'ny fanadiovana indrindra. Ireo aretin-kibo, ny kôlera, ny tazo, ny lagaly, ny trichinose sy ny takilodrano... dia mamely indrindra ny ankzy sy ny antitra.

Ireo aretina

Mpitan-tsoratra ao amin'ny fokontany iray ao amin'ny 67 ha tamin'ny fijoroana vavolombelona no manome toe-javatra lehibe izao: « Ny loto no tena mahatonga ny aretina ao amin'ny zaza maro. Misy mihitsy aza ny maty noho izany aretina izany. Ireo aretina mpiseho matetika dia ny areti-kibo, ny aretin'ny fitaovam-pisefoana, sy ny tazo ».

Araka ny tenin'ity renim-pianakaviana iray ity: ankizy 3 amin'ny 10 amin'ireo zaza latsaky ny 10 taona ao an-tanana no tratran'ny fanaviana vokatry ny tazo ary miverimberina ao anatin'ny taona izany. Mbola betsaka noho izany ny isan'ny ankizy voan'ny fivalanana: eo amin'ny 4 sy 6 amin'ny ankizy 10. Izy manokana dia manan-janaka lahy 2 sy vavy 4 ary efa nanatrika ny nahavoazan'ny tazo sy fivalanana ireo zanany ireo imbetsaka no efa nisehoan'izany.

« Dia miato mandritry ny 4 andro tsy afaka manao na inona na inona... ny mponina aty amin'ny faritra iva no tena voan'ny aretina satria ny loto avy any ambony dia mianjera ety avokoa ary dia mandoto sy mitondra otrik'aretina amin'ny sakafon'ireo mponina ety amin'ny tanàna iva izay sady efa tsy misakafy ara-dalàna ka dia marary avy eo. Maro tokoa ireo marary... »

WaterAid/Jeremy Horner



Raha ny moron'ny tatatra moa no lasa zary tokontany hilalaovana, ahoana no ahafahan'ny zaza miala amin'ny aretina?

Ireo vavolombelona dia manamafy manokana mikasika ny tazo izay mamely indrindra ny ankizy sy ny olon-dehibe, manaraka avy eo ny areti-kibo: indrindra ny fivalanana, ny areti-koditra (indrindra ny lagaly), ny tsy fahampian-tsakafy sy ny aretin'ny taova-pisefoana.

Tao Toliara, dia manazava ny mpitsabo iray izay mikarakara olona eo amin'ny 6000 eo ao amin'ny CSB iray fa : « amin'ireo zaza latsaky ny 5 taona tonga manao fizahana ao aminy isam-bolana, dia misy enim-polo eo ho eo no voan'ny fivalanana, efa-polo tratran'ny areti-koditra ary mitovy amin'izany koa ireo voan'ny fanaviana azo avy amin'ny tazo ».

Ary tsapan'ny olona fa mety mitarika olona isan-karazany izany. Renim-pianakaviana avy ao amin'io tanana io ihany no nanazava taminay fa : « Ny olona rehefa miroboka ao anaty rano maloto dia mangidihidy any amin'ny ratsatongony any rehefa alina. Ny mampatahotra amin'izany dia satria ny rano maloto dia manamora ny asan'ny areti-mifindra toa ny kôlera »


Tamin'ireo olona nalaina am-bavany nandritry ny fanadihadiana nataon'ny Tetik'asa MADIO, ho an'ireo aretina efatra[‡] dia ahitana tahan'ny marary eo amin'ny 6,94% nandritry ny volana nialohan'ny fakana am-bavany. Raha noheverina ahakasika ny faritra hafa sy raisina mandava-taona izany vokatry izany dia ho mihoatra ny 12 tapitrisa ny tranga isan-taona hisehoan'ireo aretina ireo.

Ireo Maty

Ireo fanadihadiana iraisam-pirenena dia maminavina fa 60% ny fahafatesan'ny zaza aman-jatovo dia azo heverina ho vokatry ny mahatsizarizary ny fanadiovana sy ny haratsian'ny rano aterak'izany. Raha heverina fa azo ampiarina manerana an'i Madagasikara io antontan'isa io dia azo kajiana fa olona amanaliny maro no maty vokatry izany isan-taona. Tsy tokony hadinoina ny manampy amin'io isa io ireo olon-dehibe maro maty isan-taona vokatry ny tazo, ny pesta, ny kôlera...

4.2. Fatiantoka amin'ny lafiny toe-karena

Tamin'ireo mponina tany amin'ny faritra izay nohadihadiana, maro tamin'izy ireo (35%) no nilaza mazava fa misy fifandraisany akaiky ny fahantrana sy ny tsy fahampiana amin'ny lafiny fidiovana ary nanambara ihany koa izy ireo fa ny tsy fahampian'ny fanadiovana dia fototry ny aretina sy ny fanamafisana izany fahantrana izany. Farany ny olona eo amin'ny fanadiovana dia olan'ny olona mahantra : rehefa mahantra ny olona, dia maloto ihany koa



[‡] Tamin'ny fanadihadiana dia nosafidiana ireo aretina efatra mora fantarina ary ny fifindrany dia nifamatotra tanteraka amin'ny fahabangan'ny fanadiovana : areti-kibo, ny areti-koditra, ny kantsetsitra ary ny kakana anaty tsinay. Mazava arak'izany fa ny antontan'isa voaray dia tsy nahasahana afa tsy ny ampahany amin'ny aretina azo amin'ny fahabangan'ny fanadiovana.

> **Fahaverezan'ny fotoana iasana**

« Ny fiatoan'ny olon-dehibe tsy mikarama isam-bolana amin'ny asany dia fahoriana tokoa ho an'ny ankohonana : ny fivarotana kely amoron-dalana efa ho an-jatony sy ireo mpanao kibaroa dia mamelona ireo ankohonany » Ny fiatoana na dia andro vitsivitsy monja aza dia zava-doza satria dia mitarika ny fiatoan'ny fidiram-bola ihany koa izany ary ny figorodanan'ny fivoaham-bola amin'ny fikarakarana tsy maintsy atao mikasika izany.

« Ny aretina... izay mahazo matetika sy miverimberina (imbetsaka) dia ny tazo, satria dia manamorona loatra ny tatatra Andriantany izay tena maloto no fonenanay... Misy fiantraikany tokoa ny aretina satria dia voatery mijanona (amin'ny asa) mandritry ny 04 andro eo ho eo. Rehefa mamely ny tazo dia malemy ny vatana ary dia mangovitra fehizay ny tena manotonlo ».

Raha trandrahana eo amin'ny sehatry ny firenena ny salan'isa azo avy amin'ireo fanadihadiana nataon'ny INSTAT, ny fatiantoka eo amin'ny sehatry ny asa dia mihoatra ny 5tapitrisa andro azo hamokarana. Ny totalin'ny sandan'izany famokarana votsotra izany dia mitentina hatrany amin'ny 51 arivo tapitrisa farantsa.


Tsy mora ny manombana ireo fiantraikany eo amin'ny lafiny fizahan-tany, fa ireny fisian'ny firongatryny valan'aretina kôlera ireny dia antony nahatonga ny fihenana'ny isan'ny mpizahan-tany tonga teto Madagasikara sy ny habetsahan'ny lanjan'ny makamba sy hazan-dranomasina naondrana.



WaterAid/Jeremy Horner

*Sarin'ny loto va ?
Fijery morom-pasiky Toliary
toa tsy mifanaraka loatra amin'ny fizahan-tany*

> **Fandaniana mihoapampana eo amin'ny fitsaboana ny aretina**



*Antontan'isa nomen'i Andrianjaka sy Ratovoarinony (tetik'asa MADIO);
ny kajy nataonay manokana*

Ny fitsaboana dia lafo tokoa ho an'ireo tokantrano sahirana: raha tsy hilaza afa-tsy ny vidim-panafody, raha tsy jerena ny sandan'ny fizahana dia mahatratra hatrany amin'ny 4000 ariary ka hatramin'ny 6000 ariary ho an'ny ankizy ary any amin'ny 10000 ariary ho an'ny olon-dehibe. Ireo « antibiotika » (jereo ny kisary) fitsaboana ny aretim-pivalanana na ny

lagaly dia eo amin'ny 3000 ka hatramin'ny 6000 ariary any ho any ny vidiny; eo an-tanana, ny fizahana any amin'ny mpitsabo mahaleon-tena dia mahatratra eo amin'ny 2000 ariary ka hatramin'ny 4000 ariary no aloa; eny amin'ny hopitaly na any amin'ny CSB dia eo amin'ny 500 ariary ka hatramin'ny 1000 ariary izany (Anosibe). Rehefa marary ary ve dia tokony hitsabo tena? Matetika ireo tena sahirana dia tsy mitsabo tena, ary miaina ao anaty fanantenana fa ho sitrana tsy misy fandania izay sarotra ho azy ny manatanteraka izany nohon'ny halafosan'ny fizahana sy ny fanafody. Na izany aza ny antotan'isa dia maneho fa eto Madagasikara dia mandany vola be ny aretina mifandraika amin'ny mahatsizarizary ny fanadiovana. Ny sandany ankapobeny lany amin'ny fizahana, ny fitaterana sy ny fanafody dia nivoaka tamin'ny fanadihadiana nataon'ny Tetik'asa MADIO (jereo ny kisary).

Raha toa ka maneho ny fandania isaky ny faritra eto amin'ny Nosy ireo antotan'isa ireo dia azo kajiana fa eto Madagasikara ireo fianakaviana dia mandany hatrany amin'ny 200 arivo tapitrisa fmg isan-taona mba hiarovana ny vokatry ireo karazan' aretina efatra nanaovana fanadihadiana ireo.

4.3. Fihenana'ny fahombiazana any an-tsekoly

Araka ny fanombanana nataon'ireo mpampianatra ao Isotry (faritra iray eto an-drenivohiotra) amin'ny ankizy 900 izay mianatra an-tsekoly (mianatra ao amin'ny EPP Ampefiloha, na ao Tsaralalana), dia 60% no tsy tonga mianatra in-telo isan-taona farafahakeliny noho ny tazo na ny aretina hafa mahazo azy. Fahamarinana tokoa ny milaza fa ny fiantraikan'ny tsy fahampiana amin'ny lafiny fanadiovana sy ny ara-panadiovana dia ampahany ihany amin'ireo antony tsy fahombiazana any an-tsekoly kanefa dia manandanja tokoa izany.

Ireo antotan'isa vokatry ny fanadihadiana nataon'ny Tetik'asa MADIO dia maneho amintsika fa 2,2% ka hatramin'ny 4,6% ny zaza miditra an-tsekoly dia tsy afaka nianatra ny volana mialohan'ny fanadihadiana nohon'ny ireo aretina voalaza tery ambony ireo. Ny isan'ny andro banga izany dia mahatratra amin'ny ankapobeny eo amin'ny 2,6, azo sintonina fa raha ireo no mitranga eran'ny nosy dia ho very 3,5 tapitrisa andro fianarana isan-taona i Madagasikara noho ireo aretina efatra ireo ihany.

Araka ny fijoroana vavolombelona tany Mahavatse II, ireo aretim-pivalanana dia manery ny ankizy hijanona any an-tranony mandritry ny telo andro farafahakeliny ary ny fanaviana vokatry ny tazo mihoatra izany aza... Raha toa ka miverimberina izany tranga izany, ny zaza iray dia mety ho banga mandritry ny herinandro maromaro amin'ny fianarany.

Mandritry ny oram-baratra izay mamela rano miangona betsaka ao amin'ny faritry ny sekoly – toa izay mitranga ho an'ny EPP sy CEG ao amin'ny fokontany Mahavatse II izay mifanila toerana – dia ny Foibem-pitantanan'ny Sekoly mihitsy no manapa-kevitra mampiato ny fampianarana. Ireny rano miangona ireny anefa dia maharitra hatrany amin'ny 10 andro no mihoatra vao ritra raha tahiny ka tsy misy orana vaovao mampitombo azy indray.



WaterAid/Joe Gomme

Lavapiringan'ny sekoly efa rava dia rava

4.4. Vokany amin'ny lafiny sosialy sy kolon-tsaina

Ny vokatry ny mahatsizarizary ny fanadiovana eo amin'ny lafiny sosialy sy kolon-tsaina dia manan-danja tokoa na dia somary adino matetika aza izany ao anatin'ny fanadihadiana arak'asa. Ohatra any Toamasina, dia azo lazaina fa maro ireo tranga maneho ireo ady sy fifandirana eo amin'ny mpiara monina noho ny fofona sy ny fiparitahan'ny loto sy diky vokatry ny tsy fisian'ny lavapiringa. Hoy ity Ramatoa iray vao avy nanorina lavapiringa ara-pahasalamana taminay : « Tsy hifanditra amin'ireo mpiara-monina aminay intsony izahay noho ny fofona tsy azo zakaina toy ny taloha ». Amin'ny lafiny kolontsaina ny madio sy ara-pahasalamana dia midika ho fanehoana ny tena araka ny tokony ho izy sady reharenan'ny tena ihany koa. Rehefa maloto dia tsy vitan'ny hoe mahantra fa mahamenatra ihany koa.

Nandritry ireny firogantry ny aretina kôlera ireny, dia niaina tanaty tsaho mampihorohoro tokoa ny fiaraha-monina malagasy. Niely ny tsaho isan-karazany noho ny filana fametrahana fitsipika entitra amin'ny fikarakarana ny razana. Henjana ny fifandonana teo amin'ireo fitsipika napetraka sy ireo fomba amam-panao nentin-drazana amin'ny lafiny fandevenana ary ny fiantraikan'izany eo amin'ny lafiny sosialy sy kolontsaina dia tena manan-danja tokoa. (Ahoana ny fomba isafidianana eo amin'ny fanarahana ireo fepetra ara-pahasalamana iombonana sy ny fanarahana ireo fenitra efa napetraky ny razam-be hatramin'ny fahagolantany?)

4.5. Ny fiantraikan'ny fiovana

Ireo fandalinana ny fiantraikan'ny fanatsarana ny rano sy ny fanadiovana amin'ny lafiny fahasalamana dia mampianatra antsika fa ny fanandratana ny fanadiovana sy ny fahadiovana dia manan-danja tokoa nohon'ny famatsiana rano fisotro madio amin'ny fampihenana ireo aretim-pivalanana, fahazoana aretina avy amin'ny kankana ao amin'ny tsinay, ireo aretin-koditra sy ireo areti-maso. Ireo fikarohana maro vitan'i Esrey, dia manamporofo fa ny fanariana ny diky amin'ny fomba azo antoka dia mitarika ny fihenana ny aretim-pivalanana eo amin'ny ankizy hatrany amin'ny 36%. Ny lafiny fidiovana (indrindra ny fanasana ny tãnana) dia nampihena hatrany amin'ny 33% ny aretim-pivalanana eo amin'zaza menavava. Ny fanatsarana fanadiovana dia nampihena ny fiantraikan'ny aretina sasany toy ny "schistosomiase" 77%, ny "ascaridiase" (29%), sy ny "trachome" 27-50%). Ambonin'izany, ny fahasarotan'ny aretina dia matetika mihena bebe kokoa na eo aza ny mety ho fiantraikany sy ny tahany, izany dia mampiseho fa ny fanadiovana azo antoka dia mampihena ny fiandrehana amin'ireo singa mitondra aretina.

Karazan'ny trano aty ampovoan-tany: ny ankizy sy ny kisoa manjenijeny... Raha misy fahadiovana tsara dia hanatsara ny fomba fivelomany ihany koa ireo zaza ireo



Maro tamin'ireo mpikaroka izay nangonin'i Esrey araky ny traikefany, no nanoso-kevitra fa eo amin'ny toerana izay ahitana mponina any amin'ny 75% any mampiasa fomba fanao ara-pahasalamana, ny tahan'ny fahafatesan'ny zaza latsaky ny 5 taona dia hihena hatrany amin'ny 60%, ny fahafatesana vokatry ny aretim-pivalanana dia mbola hihena be dia be kokoa hatrany amin'ny 65% ary ny mahasaozanina na mafy na antoniny dia mihena ihany koa hatrany amin'ny 38%.

Raha misy fanatsarana ny fanadiovana teto Madagasikara dia ho tombotsoa amin'ny lafiny fahasalamana sy sosialy ary toe-karena isika amin'izao fotoana izao.[†] Nihodivirana analiny maro ny fahafatesana nety azo nihodivirana isan-taona ary ny taha-pafatesan'ny zaza latsaky ny 5 taona dia mety hiiba ihany koa raha oharina amin'ny taha ankehitriny izay mahatratra 142‰ ka ho tonga hatrany amin'ny taha amban'ny 57‰ mihoatra amin'ny zaza teraka velona.

Ireo aretina mifandraika amin'ny fanadiovana dia ho nihena raha oharina amin'ny taha ankehitriny (Ministeran'ny Fahasalamana) ka hihoatra ny 33% ireo izay marary rehetra mitsabo tena ivelan'ny CSB izany. Ho afaka manazary andro fiasana mahatratra 5 tapitrisa isan-taona noho ny fihenana ny faharariana mifandraika amin'ny fanadiovana. Ny tahan'ny tsy fahampian-tsakafo dia hihatsara any amin'ny 49% ka hatramin'ny 30%. Ho nihatsara ihany koa ny tahan'ny tsy fahampian-tsakafo avy eo amin'ny 49% dia hanjary 30%. Ireo tokan-trano dia ho nahavita tahiry hatrany amin'ny 200 arivo tapitrisa isan-taona avy amin'ny alalan'ny tsy fandania ho an'ny fitsaboana. Afaka mamatsy lalam-bola hafa ny fanjakana ary hampivoitra ireo ho enti-mihetsika mba hahafahana mifantoka amin'ireo fahasahiranana ara-pahasalamana sarotra kokoa. Ny fampitomboana ny isany sy ny fanatsarana ny fenitr'ireo lavapiringa any an-tsekoly dia hampihena ny tahan'ny fitsoahana an-daharana any an-tsekoly amin'ny alalan'ny fanatsarana ny vokatry any am-pianarana (indrindra ho an'ireo zazavavy aorian'ny fialana sakana). Hahavita fanatsarana mafonja eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana, indrindra ny an'ny tanan-dehibe sy ireo tahirin-drano mamy. Ny famokarana amin'ny sehatry ny jono sy ny fambolena ary ny fizahan-tany dia mety hivelatra ihany koa. Miasa miaraka ireo fanatsarana ireo dia hitondra fahatsapana tsaratsara kokoa ny hasina maha olona sy fankasitran'ny rehetra ny firenena. Tsy misy firotsahana an-tsehatra mety hitondra fanalefahana ny fahantrana eto Madagasikara mihoatra izany.

[†] Araka ny fanadihadiana momba ny mponina, ndeha atao hoe 20% n'ny mponina (mitontaly 15 tapitrisa) <5 taona; ary ny 50% n'ny fahafatesana dia azo nialana; ny fahafatesan'ny <5 taona dia 142% ary ho voasakana ny $15.000.000 * 0,20 * 0,50 * 0,142/5 = 42.600$ fahafatesana isan-taona.

Ary mbola manazava ihany koa Andriamatoa Rakotoniaina fa “90% ka hatramin'ny 95% n'io vola io dia natokana ho an'ny rano fisotro madio ary ny ambiny izay eo amin'ny ariary zato isan'olona isan-taona ho an'ny fanadiovana. Inona no azo atao amin'ny 100 ariary?”

Tsara ho marihina ihany koa fa ireo vola fanampiana avy amin'ireo mpiara-piombonantoka ara-bola (Fifanampiana amin'ny sehatra maro sy ny ONG) dia kely ihany koa ny ho an'ny sehatra rano sy fanadiovana. (0,7% ny fanampiana avy any ivelany no natokana ho an'ny rano sy ny fanadiovana tamin'ny taona 2000).

Ary ho an'ireo tokan-trano, ny hakelin'ny vola miditra sy ny tsy fisian'ny fanentanana mafonja dia isan'ny nanalefaka ny fandraisan'izy ireo anjara ho an'ny fanadiovana ny tontolo iainany.

5.5. Kolontsaina, toe-tsaina, fanentanana


Ny tsy fahalalana na ny tsy fahampian'ny fahatongavan-tsaina no sakana fahatelo amin'ity sehatra ity. Izany dia manelingelina tokoa amin'ny firotsahan'ny vondrona lalindalina kokoa eo amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fidiovana sy fanadiovana. Kanefa dia toa zary mifanaraka amin'ny tsy fahampian'ny fahalalan'ireo mpanapa-kevitra izany fahabangana eo amin'ny fahatongavan-tsaina izany.

Etoana, ireo olana rano/fidiovana/fanadiovana/fahasalamana dia olana mifandraika amin'ny kolontsaina, ny fanabeazana sy ny fifandraisana ara-tsosialy. Mila resen-dahatra ny olona amin'ny antony tokony hikajiana ny fahadiovana ho an'ny fahasalamana, ka tsy avy amin'ny alalan'ny teny mahery sy fandemen-tsaina ny fandrahonanana izay indrisy fa isan'ireo fomba nampiasaina nandritry ireny valan'aretina kôlera ireny mba nanerena ireo tokan-trano hanorina lavapiringa fa avy amin'ny fomba fifandraisana matsilo sy manabe, afaka hahazo ny firotsahana anaty, tena izy. Mahalana tokoa mantsy ny resaka toy itony no atao amin'ny fomba mifototra amin'ny fanabeazana lalina ao anatin'ny fanajana sy ny fifandresen-dahatra, ary amin'ny finoana fa raha miaina ny tantara dia tsy maintsy hivoatra ihany koa izy io.

6- INONA NO ATAO? IREO ASA AROSO HO SOSO-KEVITRA

Mba hiatrehana ireo sakana ireo, dia mañaina ny rehetra ho amin'ny asa. Miantefa ho an'ireo rehetra izay mirotsaka an-tsehatra ho an'ny fampandrosoana an'i Madagasikara izany antso izany.

↳ Ny Fitondram-panjakana



Frères Saint Gabriel

Amin'ny alalan'ny fanohanan'ny fitondram-panjakana sy Hafatra, Fanabeazana, Serasera mahomby, Vonona ireo mahantra hiatrika ny fifaninanana : ary isika Mpandray Fanapahan-kevitra ?

Mandefa antso ho an'ireo ambaratonga rehetra ao amin'ny fitondra-panjakana izahay: mila ny fandraisanareo anjara io sehatra io. Tena ilaina tokoa ny fametrahana politikam-pirenena mifandraika amin'ny fanadiovana, ka ahazoana mamaritra ireo asa aman'andraikity ny ambaratonga tsirairay ao anat-in'ny fanajana fitsipikasy ny fandrindranany sehatra, na aty amin'ny foibe izany na eo anivon'ny faritra, na ny fivondronana na ny kaominina. Izany dia tokony hanondro mazava izay ho mpitarika ao amin'ity sehatra ity.

Amin'ny fandrindrana sy fifamatorana mety hisy eo amin'ny fidiovana/fanadiovana/fahasalamana, dia tokony hajoro eo anivon'ireo ministera voaray amin'izany ny fifamenoana ara-drafitra izay tena ilaina hatrany (Fahasalamana, Fanajariana ny tany, Angovo sy ny Harena an-kibon'ny tany, Indostria, Tontolo iainana...) Satria ireo olan'ny fidiovana sy fanadiovana mifandraika amin'ny rano dia miantefa amin'ny fomba isan-karazany amin'ireo minisitera ireo noho izany dia tsy misy afaka hihetsika manokana ho azy izy ireo.

↳ Ireo mpiara-miombon'antoka/mpifarimbona amin'ny lafiny vola sy fampandrosoana

Mandefa antso ihany koa ho an'ireo mpamatsy vola sy fikambanana miasa ho an'ny fampandrosoana. Ilaina ny mahafantatra ny toerana mafonja raisin'ny fanadiovana ao anatin'io fampandrosoana io, ilaina ihany koa ny mahafantatra ny fifamatorana mafy misy eo amin'ny lafiny fanadiovana sy fahasalamana, eo amin'ny fanadiovana sy rano fisotro madio, eo amin'ny lafiny fanadiovana sy sakafo, eo amin'ny lafiny fanadiovana sy fampihenana ny fahantrana. Rehefa fantatra izany toerana izany dia tokony homena laharam-pahamehana io sehatra io any amin'ny paik'ady arafitra, any anaty drafitr'asa fanorenana, ary amin'ireo sehatr'asa rehetra.

> **Ireo fikambanana miasa amin'ny fanentanana**

Ny vahoaka dia tokony hirotsaka ihany koa amin'ny tolona atao. Atao izay hahazoan'ny tsirairay, ao anaty fanajana ny fombany sy ny maha izy azy, fa ny fiainana amin'izao taonjato faha 21 izao dia tsy maintsy mandray ireo fanovana ny tontolo izay tsy fantatr'ireo razam-be tany aloha, kanefa raha ny fahendrena misy teo amin'ny ntaolo dia ho noraisiny izany raha toa ka niaina teto izy ireo ankehitriny. Ny firotsahana amin'io fahatsapana io ihany no mety hitarika fanovam-pihetsika sy toe-tsaina.

Mila hamafisina maharitraary io karazam-panentanana "IEC" io, na eo anivon'ny sampan'asam-paritra izany, na ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana izany ka hafahana mametraka ekipa mpanentana, ho an'ny fanabeazana mitohy sy maharitra ny olona amin'ireo olona mifandraika amin'ny fahadiovana sy fanadiovana

> **Ny mponina**

Ireo mponina dia tokony hirotsaka ihany koa amin'ny tolona atao. Tokony hihetsika sy handray ny andraikiny izy ireo :mba isian'ny fahadiovana araka ny tokony ho izy eo amin'ny vatana, eo anivon'ny fianakaviana ary ny tontolo iainana, amin'ny fanekena ihany koa fa hampiasa tanteraka sy araka ny tokony ho izy ireo fotodrafitr'asa famatsian-drano madio napetraka, ny asa ho amin'ny fanadiovana, indrindra indrindra ny fanariana ny diky, ny fako sy ny ranon-dolana, ary farany ho amin'ny fandraisana anjara tanteraka amin'ny fampandrosoana ny sehatra fanadiovana.

* * *

Tsy misy fetrany ny fahafahan'ny olombelona hamaha ireo olany. Avy amin'ny fiarahamiasa, ao anaty toe-tsaim-pifandrimbonana sy fandrindrana no ahavitana ireo tobin'ny sambon-danitra. Koa amina toe-tsaina tahaka izany ihany koa no hahafahantsika mamaha ny olona mifandraika amin'ny fanadiovana eto Madagasikara ary mba hafahana mahazo ireo vokatra andrasana eo amin'ny lafiny fahasalamana, toe-karena, fanabeazana, kolontsaina, izay mikendry indrindra ny fandraisana anjara eo amin'ny fampandrosoana ny lafiny maha olona maharitra sy amin'ny fanafohanana ny fahantrana. Eo am-pelatanantsika ny vahaolana. Misy ve ny finiavana?

ANTONTAKEVITRA NIAINGANA

- ¹ OMS, *Rapport mondial sur la santé*, 1999 ; 2000 na « Tatitra iraisam-pirenen'ny OMS momban'ny Fahasalamana, 1999; 2000 »
- ² Ministère de l'Energie et de Mines, *Stratégie sectorielle et plan d'action pour l'eau et l'assainissement* ; 1999 na « Ministeran'Angovo sy ny Harena ankibon'ny tany, Paik'adin'ny Sehatra sy Fandaminan'asa ho an'ny Rano sy ny Fanadiovana »
- ³ GReCS, *Assainissement, hygiène, eau : études d'impacts* ; 2002. Tous les témoignages en italiques étaient recueillis par cette étude. na « Fanadiovana, Fidiovana, Rano: Fanadihadiana momban'ny Fiantraikany ; 2002 – GreCS, Ireo fijoroana vavolombelona nosoratana soramandry dia nangonona tamin'io fanadihadiana io »
- ⁴ Rakotoniana Patrice, *Document de synthèse sur le sous secteur de l'assainissement* ; 2000 na « Antontankevitra ho fandravonana ny sehatry ny Fanadiovana, 2000 Rakotoniana Patrice »
- ⁵ Gouvernement de Madagascar, *Document de stratégie de réduction de la pauvreté* ; 2001 na « Antontankevitra mirakitra ny fampihenana ny Fahantrana, 2001 Governemanta Malagasy »
- ⁶ Ministère de la Santé, *Politique nationale de la santé* ; 2000 na « Politikam-pirenena momban'ny Fahasalamana ; 2000, Ministeran'ny Fahasalamana »
- ⁷ Andrianjaka, Nirina Haja et Ratovoarinony Raphaël (Projet MADIO), *Résultats de l'enquête sur l'impact du manque d'hygiène et d'assainissement* ; 2002 na « Vokatry ny fanadihadiana momban'ny Fiantraikan'ny tsy Fisian'ny Fidiovana sy Fanadiovana; 2002 Andrianjaka, Nirina Haja et Ratovoarinony Raphaël (Tetik'asa MADIO) »
- ⁸ Esrey Stephen et Habicht, *Epidemiological evidence for health benefits from improved water and sanitation in developing countries*, *Epidemeol. Rev.* 1 ; 1986 na « Ny mampiharihary ny tombontsoa azo avy amin'ny Fanatsarana ny Rano sy ny Fanadiovana avy amin'ny tany andalam-pandrosoana eo amin'ny areti-mifindra *Epidemeol. Rev.* 1 ; 1986, Esrey Stephen sy Habicht. »
- ⁹ Esrey Stephen et consorts, *Effects of improved water supply and sanitation on ascariasis, diarrhoea, dracunculiasis, hookworm infection, schistosomiasis and trachoma*, *Bull. de l'OMS* 69(5); 1991 na « Ny vokatry ny Fanatsarana ny Rano fisotro sy ny Fanadiovana eo amin'ny ascaris, aretikibo, dracunculiasis, ny kantsetritra, schistosomiasis sy trachoma *Bull. de l'OMS* 69(5); 1991, Esrey Stephen sy ny tariny »
- ¹⁰ Esrey Stephen, *Complementary strategies for decreasing diarrhoea morbidity and mortality : water and sanitation*; 1994 na « Ny fifamenoana ara-paikady ho amin'ny fampiharenana ny tahan'ny aretikibo sy ny fahafatesana, Rano sy Fanadiovana; 1994, Esrey Stephen »
- ¹¹ Ministère de la Santé, *Annuaire des statistiques du secteur santé* ; 2000 na « Antontanisa fototry ny sehatry ny Fahasalamana ; 2000 Ministeran'ny Fahasalamana »
- ¹² Rakotondrainibe Jean Herivelo, *Mise à jour de l'étude 20/20 : Document Annexe IV : secteur eau et assainissement* ; 2001 na « Fampifanarahana ny Fanadihadiana 20/20 amin'ny toetr'andro ; Antontankevitra tovana IV: sehatra Rano sy Fanadiovana; 2001 Rakotondrainibe Jean Herivelo »

Raha te-hahazo fanazavana fanampiny mikasika ity antontan-kevitra ity ianao, dia manantona ny:

UNICEF, BP 732 Antananarivo 101,
Tél : (261.20) 22.626.45 / (261.20) 22.626.46,
Fax : (261.20) 22.628.45,
e-mail : GNkusi@unicef.org

WSSCC, 20 Avenue Appia
CH-1211 Geneva, Switzerland,
Tél : 41-22-791- 35 17 / 35 44,
Fax : 41-22-791 48 47,
e-mail : wsscc@who.ch

Ministeran'ny Fampianarana ambaratonga
faharoa sy Fanabeazana Fototra (UERP),
BP : 5090 Antananarivo 101,
Tél : (261.20) 22.253.10

Ministeran'ny Angovo sy ny Harena
ankibon'ny tany,
BP 280 Antananarivo 101,
Tél : (261.20) 22.417.57

Ministeran'ny Fahasalamana,
Tél : (261.20) 22.478.50

OMS, Immeuble Galaxy Andraharo
BP : 362 Antananarivo 101,
Tél : (261.20) 22.313.71 / (261.20) 22.313.64
Fax : (261.20) 22.355.54, e-mail : oms@dts.mg

WaterAid Madagascar,
BP 6082 Antananarivo 101,
Tél : (261.20) 22.353.70
Fax : (261.20) 22.353.69
e-mail : wateraidmg@wanadoo.mg